# Fifehezana fotopampianarana ho an'ny Testamenta Vaovao: Fitsapam-pahaizana 2

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

## Andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana

Ho an'ny fanontaniana 1–3, dia soraty eo amin'ny banga akaikin'ny andian-teny tsirairay ny litera mifandray amin'ny toko sy andininy. Iangaviana ianao mba tsy hampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

1.____ "Ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy."

2.____ "hahatanteraka ny fitondrana hatao mandrapahatapitry ny andro voatendry, hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy."

3.____ "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy."

a. 1 Korintiana 11:11

b. Efesiana 1:10

d. 2 Timoty 3:15–17

e. Jakoba 2:17–18

f. Apokalypsy 20:12

## Andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina

Ho an'ny fanontaniana 4–6, dia fenoy ny banga ao amin'ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina fifehezana fotopampianarana. Iangaviana ianao mba tsy hampiasa ny soratra masinao amin'ity ampahany amin'ny fitsapam-pahaizana ity.

4. "Ny __________nareo dia __________'ny ____________________." (1 Korintiana 6:19–20).
5. Ny Fiangonana dia "natsangana teo ambonin'ny __________'ny __________ sy ny mpaminany, ____________________ no fehizoro indrindra" (Efesiana 2:19–20).
6. "Ny [fiavian'i Jesoa Kristy] … [dia] tsy ho __________ … , raha tsy efa tonga __________ ny __________" (2 Tesaloniana 2:1–3).

Azonao atao ny mampiasa ny soratra masinao amin'ny ambin'ny fitsapam-pahaizana.

Ho an'ny fanontaniana 7–9, dia mitadiava andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray na maromaro izay afaka manampy olona iray ao anatin'ireto toe-javatra manaraka ireto.

| | |
|---|---|
| 7. Nodimandry vao haingana ny olona iray akaikin'ny fon'ny namanao. Manana fanontaniana maro momba ny zavatra mitranga amintsika aorian'ny fahafatesana ny namanao. | |
| 8. Toa sahirana ny rahalahinao ka manontany tena raha tena mahalala ny fisiany tokoa Andriamanitra. | |
| 9. Mangataka anao ny mpitarika anankiray ao amin'ny Fiangonana mba hanome torohevitra ireo namanao mandritra ny lesona iray manaraka ho an'ny Sekoly Alahady momba ny fomba ahafahan'izy ireo mijanona ho mahatoky rehefa miatrika hevi-diso sy fakam-panahy. | |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 2.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.

Ao amin'ny fanontaniana 10–11, dia asehoy ny fahalalanao sy ny fahaizanao mampiasa ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy.

10. Ahoana no hanazavanao ireto fitsipika telo momba ny fahazoana fahalalana ara-panahy manaraka ireto amin'ny olona iray izay mbola tsy mahalala firy ny momba izany?

    a. Manao asa amim-pinoana

    b. Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

    d. Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra

11. Manana namana anankiray eo am-pamitana ny fianarany any amin'ny lisea ianao ary mitebiteby izy amin'ny fanapahan-kevitra lehibe horaisiny eo amin'ny fiainany mandritra ireo taona vitsivitsy ho avy. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

    a. Inona ny zavatra manokana ho asainao ataony mba hanaovana asa amim-pinoana?

    b. Ahoana no ahafahanao manampy azy mba hahita ny toe-javatra iainany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?

    d. Ny andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dia ohatra amin'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. Inona no andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mety hozarainao amin'ilay namanao? Nahoana?

12. Amin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miisa 13 nohalalininao nandritra ity enim-bolana ity, dia inona tamin'ireo no nisy fiantraikany indrindra taminao, ary nahoana? Inona no ampianarin'io andinin-tsoratra masina io anao mikasika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?



© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 2.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.